# Ny tonom-bavaka tsara indrindra dia ny : LA ILAHA ILLA-LLWAHO (Tsy misy tompo mendrika ho tompoina amin'ny marina afa-tsy i Tompo Allah), ary ny fangatahana sy fitalahoana tsara indrindra dia ny : AL-HAMDO LILLAHI (Fisaorana sy fankasitrahana ary fiderana an'i Tompo Allah)

Tatitra azo avy amin'i JABIR (R.a) niteny hoe : Izaho dia nahare an'ny Mpaminany (saw) niteny ka nanao hoe : " Ny tonom-bavaka tsara indrindra dia ny : LA ILAHA ILLA-LLWAHO (Tsy misy tompo mendrika ho tompoina amin'ny marina afa-tsy i Tompo Allah), ary ny fangatahana sy fitalahoana tsara indrindra dia ny : AL-HAMDO LILLAHI (Fisaorana sy fankasitrahana ary fiderana an'i Tompo Allah) ".

[Tsara] [Notantarain'i Al-Tirmizì, Al-Nasàì ao amin'ny Al-Kobra, ary Ibn Màjah]

Manambara atsika i mpaminany (saw) fa ny tonom-bavaka tsara indrindra dia ny fahatsiarovana ny fitenenana hoe : " LA ILAHA ILLA LLAHO ", izay midika fa tsy misy tompo Tompoina am-pahamarinana afa-tsy i Tompo Allah, ary ny vavaka tsara indrindra dia ny fitenenana ilay teny hoe : AL-HAMDO LILLAHI, ary izy io dia fahatsapanao fa ny mpanasoa dia i Tompo Allah ilay avo Tsitoha, ary mendrika ho Azy manokana ny deraina amin'ny fahafenoana tsara indrindra.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee